NY TENY FIAINANA

"Hoy izay manambara ireo zavatra ireo: eny, avy faingana Aho. Amena. Avia, Jesosy Tompo!"

Apokalypsy 22:20

FAHASALAMANA

Hanana CSB II iray fanampiny ny kaominina Talatamaty

Ny faran'ny herinandro dila teo iny no nametrahan'ny ben'ny tanànan'i Talatamaty,Raharinoasy Eli Dominic, amin'ny faritra Analamanga, distrikan'Ambohidratrimo, ny vato fototra nanombohana ny fanorenana ny trano fitsaboana sy fiterahana CSB II, ao amin'ny fokontany Amborompotsy, sektora Borosy II, kaominina Talatamaty.

Ny fametrahana ny vato fototry ny fanamboarana CSB II vaovao ao amin'ny kaominina Talatamaty.

Trano fitsaboana manara-penitra

Hisy efitra miisa 07 ny CSB II vaovao hiorina etsy amin'ny fokontany Amborompotsy Talatamaty ity. Anisan'izany ny efitra fiterahana izay hiaraka amin'ny fampitaovana ampy sy manaraka ny fenitra. Hanana ny birao ho fandraisana ireo marary ihany koa ireo mpitsabo sy mpampivelona ary mpitsabo mpanampy hiasa eny an-toerana. Hisy ihany koa ny efitra fitahirizana ireo fanafody sy ny toeram-pivarotana izany. Hanana efitrano fidiovana manokana ireo mampiasa ny CSB II toa ireo marary sy mpiteraka ary ireo miasa eny an-toerana. Manaraka ny fenitra napetraky ny avy eo anivon'ny ministeran'ny fahasalam-bahoaka ny asa fanorenana hatao, hoy ny tomponandraikitra iray miahy sy manara-maso ny asa fanorenana ity CSB II faharoa, hiorina mialoha ny volana desambra ho avy izao, ao amin'ny kaominina Talatamaty ity.

Ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ny Kaominina Talatamaty tarihan'ny ben' ny tanàna Raharinoasy Eli Dominic sy ireo mpandraharaha tsy miankina no nahafahana nanangana ity toera-pitsaboana sy fiterahana ity. Nanamafy ny ben'ny tanàna fa mbola vonona hifanome tanana amin'ireo tsara sitrapo ho fampandrosoana hatrany ny kaominina izay tantaniny. Hanampy betsaka ny lafiny fiahiana ara-pahasalamana ireo mponina rahateo ny fahavitan'ity foto-drafitrasa vaovao ity mialoha ny faran'ny taona 2020.

Lalasoa R.

Mpikabary faritra Vakinankaratra

Hanao zaikabem-paritra ny 12 sy 13 desambra ho avy izao

Hanao zaikabem-paritra ny 12 sy 13 desambra ho avy izao ny Hajan'ny Gasy Vakinankaratra, na ireo mpikabary amin'ny faritra Vakinankaratra. Hatao ao Andranotobaka Antsirabe II izany hetsika izany. Ny sabotsy 12 tontolo andro, fanehoana ireo zava-kanto isan-karazany, ny tolakandro takarivam-piderana laroina kabary kristianina. Ny alahady 13 Desambra 2020, filaharambe mamakivaky ny tanàna, hialohavan' ireo tomponandraikipanjakana sy Pastora ary Mompera any an-toerana, hotronin'ireo antokom-pihira hasaina. Vavaka ho an'ny Firenena sy ho an' ny asa hatrehina amin'ny taona vaovao ho avy. Ao amin'ny FLM Andranotobaka ny hariva, natokana ho an'ny tanora Mpilalao Baolina kitra.

Solohery

Ireo avy amin'ny Hajan'ny Gasy Vakinankaratra.

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fananganana ny RMDM tany Amoron'i Mania sy Menabe.

Mazotoa mihira

Sangan'asan' ny mpamoronkira sy mpitendry zava-maneno andrarezina no entina ho anao mpamaky anio.

MOA TIA AHY IANAO ?

Indraindray tia ahy ianao
Manambitamby ahy
Indraindray leo ahy ianao
Dia mampijaly ahy

Isan'andininy:
Tsy haiko izay atao
Moa tia ahy ianao ?

Indraindray ny masonao
Milaza ny fitia
Indraindray ny endrikao
Tsy maha te ho tia

Isan'andininy:
Tsy haiko izay atao
Moa tia ahy ianao ?

Indraindray aho anilanao
Ahy 'zao tontolo izao
Indraindray aho hilaozanao
Tomany noho ianao

Isan'andininy:
Tsy haiko izay atao
Moa tia ahy ianao ?

Mpihira : Tarika Tovo Andrianandraina, Aina (2002)
Mpamorona : Tovo Andrianandraina